

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana

LOI n° 2003 - 046

Autorisant la ratification du Protocole facultatif à la Convention relative aux Droits de l'enfant, concernant la vente d'enfants, la prostitution des enfants et la pornographie mettant en scène les enfants

EXPOSE DES MOTIFS

En ratifiant la Convention sur les Droits de l'enfant, Madagascar s'est engagé notamment à lutter contre les déplacements et non retours illicites d'enfants et contre l'exploitation économique et sexuelle des enfants.

Le présent Protocole facultatif adopté à New York le 25 mai 2000 et que Madagascar a signé le 07 septembre 2000 a pour objet d'élargir et d'explicitier les mesures que les Etats Parties à la Convention devraient prendre pour garantir la protection des enfants contre la vente d'enfants, la prostitution des enfants et la pornographie mettant en scène des enfants face à l'expansion inquiétante de la traite des enfants aux fins surtout d'exploitation sexuelle.

Le présent Protocole comporte 17 articles :

L'article 1 énonce le principe de l'interdiction de la vente d'enfants, la prostitution des enfants et la pornographie mettant en scène des enfants.

L'article 2 définit ces notions au sens du Protocole.

L'article 3 explicite les différents actes et activités couverts par ces faits et invite les Etats à les incriminer.

L'article 4 énonce les mesures que les Etats doivent prendre pour établir sa compétence car l'infraction peut être nationale ou transnationale.

L'article 5 invite les Etats à inclure ces dispositions dans tout traité d'extradition.

L'article 6 invite les Etats à s'accorder la plus large entraide possible pour toute enquête, procédure pénale ou procédure d'extraction relative à ces infractions.

L'article 7 est relatif aux mesures de saisie et de confiscation.

L'article 8 invite les Etats à prendre les mesures nécessaires pour protéger les droits et intérêts des enfants victimes dans la procédure pénale.

L'article 9 invite les Etats à adopter, renforcer et appliquer les lois, mesures et programmes sociaux pour prévenir les infractions visées dans le présent Protocole par l'information et la sensibilisation du grand public et, à apporter toute l'assistance appropriée aux victimes des infractions. Une attention spéciale est accordée à la protection des enfants particulièrement exposés à de telles pratiques.

L'article 10 encourage les Etats à favoriser et renforcer la coopération internationale par des accords ayant pour objet de prévenir, identifier, poursuivre et punir les responsables d'actes liés à ces infractions.

Les articles 11 à 17 sont les dispositions finales classiques des conventions internationales.

La ratification de ce Protocole revêt une importance capitale pour l'Etat malagasy, car elle permet de compléter sa législation afin de mieux protéger les enfants contre ces fléaux dont l'expansion est inquiétante notamment en raison de la recrudescence du tourisme sexuel et du traité internationale d'enfants.

Tels sont les motifs autorisant la ratification de ce Protocole par la présente Loi.

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana

LOI n° 2003 - 046

Autorisant la ratification du Protocole facultatif à la Convention relative aux Droits de l'enfant, concernant la vente d'enfants, la prostitution des enfants et la pornographie mettant en scène les enfants.

L'Assemblée nationale et le Sénat ont adopté en leur séance respective en date du 17 décembre 2003 et du 22 décembre 2003, la Loi dont la teneur suit :

Article premier - Est autorisée la ratification du Protocole facultatif à la Convention relative aux Droits de l'enfant du 25 mai 2000, concernant la vente d'enfants, la prostitution des enfants et la pornographie mettant en scène des enfants.

Article 2 - La présente Loi sera publiée au Journal Officiel de la République.

Elle sera exécutée comme Loi de l'Etat.

Antananarivo le 22 décembre 2003

LE PRESIDENT DE L'ASSEMBLEE NATIONALE, LE PRESIDENT DU SENAT,

LAHINIRIKO Jean

RAJEMISON RAKOTOMAHARO

**FIFANARAHANA MALALAKA MOMBA NY FIFANEKENA
MIKASIKA NY ZON'NY ANKIZY AMIN'NY FIVAROTAN'ANKIZY, NY
FIVAROTAN-TENAN'NY ANKIZY, ARY NY SARY MAMOAFADY
MAMPISEHO ANKIZY**

Lany tany New York ny 25 may 2000

Manan-kery ny 18 janoary 2002

Nosoniavin'ny Madagasikara ny 7 septambra 2000

Ireo Fanjakana Mpikambana amin'ity Fifanarahana ity,

Satria mba hiroso amin'ny fanatanterahana ny tanjon'ny Fifanekena mikasika ny Zon'ny ankizy sy ny fampiharana indrindra ireo voatondro ao amin'ny andininy voalohany, faha-11, 21, 32, 33 sy 36 dia heverina fa mety ny hanitarana ireo fepetra izay nifanarahan'ireo Fanjakana Mpikambana hiantohana ny fiarovana ny ankizy amin'ny fivarotana azy, ny fivarotana ny tenany ary ny sary mamofady mampiseho ankizy.

Satria ihany koa ny Fifanekena mikasika ny Zon'ny Ankizy dia manaiky tanteraka ny zon'izy ireo tsy hatao fitaovana hitadiavan-karena ary tsy terena hanao asa mety mampidi-doza na mety hanimba ny fanabeazana azy na ny fahasalamàny, na ny fivelarany ara-batana, ara-tsaina, ara-panahy, ary ara-piaraha-monina.

Mahatsapa ary miahiahy fatratra fa ny famarinana ankizy iraisam-pirenena mba hamarotana azy na hamarotana ny tenany na hanaovana sary mamofady mampiseho ankizy dia miroborobo tsy mitsaha-mitombo.

Miahiahy fatratra manoloana ny fihanaky ny fizahan-tany mamofady izay ny Ankizy no tena tandindomin-doza indrindra amin'izany noho izy manome vahana mivantana ny varotra ankizy, ny fivarotana ny tenany ary ny sary mamofady mampiseho ankizy.

Mahatsapa fa misy vondron'olona marefo ka ao anatin'izany ny ankizy vavy kely izay mora iharan'ny fanararaotana amin'ny filàna ara-nofa, ary voamarina ara-tarehimarika fa ny zazavavikely no tena maro hiharam-boina amin'izany.

Miahiahy amin'ny fitombon'ny tolotra momba ireo fitaovana

hanatanterahana sary mamofady mampiseho ankizy amin'ny alalan'ny tranon-kala sy ireo fitaovana ara-teknolojia hafa ary mampahatsiahy fa tamin'ny fehin-keviny, ny fihaonam-be iraisam-pirenena mikasika ny ady atao amin'ny sary mamofady mampiseho ny ankizy eny amin'ny tranon-kala (Vienne 1999) dia mitaky ny hanaovana ho heloka bevava manerana an'izao tontolo izao ny famokarana, ny fitsinjaràna, ny fanondranana, ny fanafarana, ny fampitàna, ny finiavana hitazona ary ny fanaovana dokam-barotra mikasika ireo fitaovana famokarana sary mamofady mampiseho ankizy, ary manindry ny maha-zava-dehibe ny fiaraha-miasa sy ny fiaraha-miombon'antoka matotra kokoa eo amin'ny mpitondra fanjakana sy ny matianina mpikirakira tranon-kala.

Resy lahatra fa ny fanafoanana ny varotra ankizy, ny fivarotan-tenan'ny ankizy sy ny sary mamofady mampiseho ireo ankizy dia ho mora amin'ny alalan'ny fametrahana fijery ankapobeny mandray ireo antony mahatonga ireo fisehoan-javatra ireo, indrindra ny tsy fandrosoana, ny fahantrana, ny tsy fitoviana ara-toekarena, ara-piaraha-monina, ny tsy firindràn'ny fiainampianakaviana, ny tsy fahampian'ny fanabeazana, ny fifindra-monina mankany antanàn -dehibe ny fanavakavahana amin'ny maha-lahy na vavy, ny fitondran-tena tsy ampy fiheverana amin'ny filàn'ny nofo ataon'ny olon-dehibe, ny fomba amam-panao nentim-paharazana mamohetitra, ny fifanolanana mitam-piadiana ary ny famarinana ankizy,.

Mihevitra fa ny asa fanentanana ny olona dia ilaina mba hampihenàna ny tinady izay fototry ny varotra ankizy, ny fivarotana ny tenany ary ny sary mamofady mampiseho ankizy. Ary ilaina ny hanamafisana ny fiombonan'antoka eran-tany eo amin'ny mpandray anjara rehetra sy ny fanatsaràna ny fampiharana ny lalàna isaky ny firenena.

Mandray ireo andinindinin-dalàna iraisam-pirenena manan-danja momba ny fiarovana ny ankizy indrindra ny Fifaneken'i La Haye mikasika ny fiarovana ny ankizy sy ny fiaraha-miasa mikasika ny fananganan-jaza iraisam-pirenena, ny Fifanekena natao tany La Haye ny amin'ny endrika sivilin'ny fanodikodinan-jaza iraisam-pirenena, ny Fifanekena natao tao La Haye mikasika ny fari-pahafana, ny lalàna ampiharina, ny fanekena, ny fampiharana sy ny fiaraha-miasa momba ny andraikitra ny ray aman-dreny sy ny fepetra hiarovana ny Ankizy, sy ny Fifanekena laharana 182 ny OIT mikasika ny fandraràna ny hanaovan'ny ankizy asa amin'ny endriny ratsy indrindra ary ny hetsika hanafoanana izany avy hatrany,

Nahazo famporisihina avy amin'ny fanohanana maro azon'ny Fifanekena ho fiarovana ny zon'ny Ankizy izay maneho ny finiavan'ny rehetra hanandratana sy hiaro ny Zon'ny ankizy,

Satria zava-dehibe loatra ny fampiharana ny andinindinin'ny

fandaharan'asa hisoroana ny varotra ankizy, ny fivarotan-tenany ary ny sary mamofady mampiseho ankizy sy ny Fanambarana miaraka amin' ny fandaharan'asa nolanina tamin'ny 1996 tao amin'ny Kongresy iraisam-pirenena manohitra ny fanararaotana ny ankizy hatao fitaovana ho fitadiavam-bola amin'ny filàna ara-nofo, natao tao Stockholm tamin'ny 27 ka hatramin'ny 31 aogositra 1996, ary koa ireo fanampaha-kevitra hafa sy toro-lalana manan-danja nataon'ireo fikambanana iraisam-pirenena voakasik'izany,

Mandray ny maha zava-dehibe ny fomban-drazana sy ny soatoavin'ny firenena tsirairay mba ho fiarovana ny ankizy sy fivelarany mirindra,

Dia nifanaraka fa :

Andininy voalohany

Ireo Fanjakana Mpikambana dia mandrara ny fivarotana ankizy, ny fivarotana ny tenany ary ny sary mamofady mampiseho ankizy araka ny voalazan' ny andinindinin'ity Fifanarahana ity.

Andininy faha-2

Araka ity Fifanarahana ity :

Ny atao hoe varotr'ankizy dia izay rehetra fifanarahana manala ankizy amin'olona iray na vondron'olona iray ka mamindra azy amin'olona iray hafa na vondron'olona hafa atao takalom-bola na ahazoana tombontsoa hafa ;

Ny atao hoe fivarotana ny tenan'ny ankizy dia ny fampiasàna ankizy hanao firaisana ara-nofo ho takalom-bola na ahazoana tombontsoa hafa ;

Ny atao hoe sary mamofady dia izay rehetra fampisehoana na amin'ny endriny manao ahoana na manao ahoana, ankizy iray manao firaisana ara-nofo, tena marina na kisarisary, na koa izay rehetra fampisehoana taovam-pananahan'ny ankizy mikendry indrindra firaisana ara-nofo.

Andininy faha-3

1) Ny Fanjakana Mpikambana tsirairay dia miantoka farafahakeliny ny hampidirana ireto heloka manaraka ireto ao anatin'ny lalàna famaizany, na ny heloka vita teo amin'ny taniny na ivelan'ny fireneny ary nataon'olona iray na natao tamin'ny fomba voarindra :

Momba ny varotr'ankizy voalazan'ny andininy faha-2 :

i) ny fanomezana na fanolorana na fanekena ankizy iray, na inona na inona fomba nampiasaina :

Hanararaotana ny ankizy hanao firaisana ara-nofo ;
Hamindrana ny taovan'ny ankizy misy vola tambiny ;

d) Hanerena ny ankizy hanao asa an-terivozona

ii) Ny fahazoana tsy ara-dalàna, amin'ny maha-panelanelana fanekena hananganan-jaza iray, tsy mifanaraka amin'ny lalàna iraisam-pirenena momba ny fananganan-jaza ;

Ny fanolorana, fahazoana, fitadiavana, fanomezana ankizy iray hivarotena arak'izay voafaritra ao amin'ny andininy faha-2,

d) Ny famokarana, fitsinjaràna, fanaparitahana, fanafarana, fanondranana, fanolorana sy fivarotana na fihazonana araka ireo voatanisa eo ambony fitaovana hamoahana sary mamofady mampiseho ankizy araka ny voafaritra ao amin'ny andininy faha-2

2) Raha tsy tafiditra ao amin'ny lalàna velon'ny Fanjakana Mpikambana iray dia ireo andinindiny ireo ihany no mihatra raha misy andrana, na tsikombakomba na fandraisana anjara amin'ny iray amin'ireo heloka voalaza etsy ambony.

3) Ny Fanjakana Mpikambana dia manao izay hahatonga ireo heloka ireo hovoasazin'ny lalàna arakaraky ny halehiben'ny voka-dratsy aterany.

4) Raha mbola tsy tafiditra ao amin'ny lalàna velon'ny Fanjakana Mpikambana iray, dia mandray fepetra izy, raha ilaina izany, mba hitazonana ny andraikitry ny fikambanan'olona amin'ireo heloka voalazan'ny paragrafy voalohany amin'ity andininy ity. Araka ny foto-kevi-dalànan'ilay Fanjakana Mpikambana, io andraikitra io dia mety ho ara-keloka sivily na ara-pitantanana.

5) Ireo Fanjakana Mpikambana dia maka ireo fepetra rehetra araky ny lalàna sy ara-pitondrana mifanaraka amin'izany mba hiantohana fa ireo rehetra mandray anjara amin'ny fananganan-jaza dia manaraka ny lalàna iraisam-pirenena manankery.

Andininy faha-4

Ny Fanjakana Mpikambana rehetra dia mandray ny fepetra ilaina mba hananany fahefany hanenjika ny heloka voalaza ao amin'ny paragrafy voalohany amin'ny andininy faha-3, raha toa ireo heloka ireo ka notanterahana tao amin'ny Taniny

na teny an-tsambo na teny amin'ny fiaramanidina voasoratra amin'ny rejisitr'io Fanjakana io.

Ny Fanjakana Mpikambana rehetra dia afaka mandray ny fepetra ilaina mba hananany fahefana hanenjika ireo heloka voalaza ao amin'ny paragrafy voalohany amin'ny andininy faha-3, raha toa :

- tera-taniny ny olona heverina ho nanao ny heloka, na manana toera-ponenanana maharitra ao amin'io tany io ;
- tera-taniny ilay niharam-boina

Ny Fanjakana Mpikambana dia maka ihany koa ny fepetra ilaina mba hananany fahefany hanenjika ireo heloka voalaza etsy ambony raha toa ilay noheverina nanao ny heloka ao amin'ny taniny, ary tsy halefany hotsaraina any amin'ny tanin'ny Fanjakana Mpikambana hafa noho ny maha-terataniny io olona io.

Ity Fifanarahana ity dia tsy misakana ny fahefàna ara-keloka ho fampiharana ny lalàna ao anatin'ny.

Andininy faha-5

Ny heloka voatondron'ny paragrafy voalohany amin'ny andininy faha-3 dia tafiditra avy hatrany amin'ny Fifanekena fangataham-panolorana hotsaraina manan-kery amin'ny tanin'ny mpikambana nifanaiky ary tafiditra ihany koa amin'ny Fifanekena rehetra hifanarahana any aoriana araka ny fepetra voatondron'ireo Fifanekena ireo.

Raha ohatra ny Fanjakana Mpikambana iray mifehy ny fanolorana ho tsaraina amin'ny fisian'ny fifanekena manokana momba ny fanolorana, ka mahazo fangatahana avy amin'ny Fanjakana Mpikambana hafa tsy mifamatotra aminy amin'na fifanekena toy izany, dia mahazo mihevitra io Fanjakana io fa ity Fifanekena ity no fototra ara-dalàna ny fangataham-panolorana hotsaraina mikasika ireo heloka natao. Ny fangataham-panolorana hotsaraina dia voafehin'ny fepetra apetraky ny lalànan'ny tany nangatahana.

Raha misy tany mpikambana iray maharay fangataham-panolorana hotsaraina avy amina Fanjakana Mpikambana iray hafa, ka mametraka ho fepetra ho fanekem- pangataham-panolorana hotsaraina dia azony raisina ity Fifanarahana ity ho fototra iaingana raha toa ilay fangataham-panolorana hotsaraina makasika ireo heloka voalaza eo ambony. Ny fangataham-panolorana hotsaraina dia fehezin'ny lalanan'ny tany angatahana fangataham-panolorana hotsaraina. Ireo Fanjakana Mpikambana izay tsy mametra ny fangataham-panolorana hotsaraina amin'ny fisian'ny fifanekena dia manaiky fa ireo heloka ireo dia antony hampodiana araka ny fepetra voatondron'ny lalànan'ny tany nangatahana fangataham-panolorana hotsaraina.

Amin'ireo Fanjakana Mpikambana, ireo heloka voalaza ireo dia antony fangataham-panolorana hotsaraina noho izy ireo heverina ho natao teo amin'ny toerana nitrangan'ny heloka miampy ireo natao teo amin'ny tany fehezin'ny fahefam-pitsaran'ny fanjakana izay nametraka izany fahefana izany araka ny voalazan'ny andininy faha-4.

Raha misy fangataham-panolorana hotsaraina noho ny heloka voalazan'ny paragrafy voalohany ao amin'ny andininy faha-3 nolavina noho ny zopirenen'ilay nohenjehina, ilay Fanjakana nandà dia mandray ny fepetra rehetra hanenjehana ilay nanao heloka.

Andininy faha-6

Ireo Fanjakana Mpikambana dia mifanampy araka izay azo atao momba ny fanadihadiana, momba ny paika ady heloka na fombafomba arahina amin'ny fanolorana hotsaraina mikasika ireo heloka voatondron'ny paragrafy voalohany ao amin'ny andininy faha-3, ka ao anatin'izany ny fahazoana ny porofo eo ampelatanany izay ilaina amin'ny fanenjehana.

Ireo Fanjakana Mpikambana dia manatanteraka ny andraikiny araka ny voalaza ao amin'ny paragrafy voalohany amin'ity andininy ity, ka mifanaraka amin'ny Fifanekena na Fifanarahana fifanampiana eo amin'ny sehatry ny Fitsarana izay misy eo amin'izy ireo. Raha tsy misy izany, Fifanekena na Fifanarahana izany, ireo Fanjakana Mpikambana dia mifanaiky hifanampy araka ny lalàna manankery ao amin'ny tany tsirairay.

Andaniny faha-7

Raha tsy efa voalazan'ny lalàny anatin' ireo Fanjakana Mpikambana :

dia mandray fepetra ilaina izy mba hahazoana mandray sy mihazona, raha ilaina mandray antotan-taratasy, fananana hafa na fitaovana hafa ampiasaina hanatanterahana ny heloka voatondro ao amin'ity Fifanarahana ity na hanamoràna ny fanantanterahana ny heloka

ii) ny vokatra azo avy amin'ireo heloka ireo

mampanan-kery ny fangatahana fandraisana sy fitanana fananana na vokatra voatondro ao amin'ny andalany i) amin'ny paragrafy a) avy amin'ny Fanjakana Mpikambana hafa;

mandray fepetra mba hanakatonana vonjimaika na tanteraka ny toerana nanatanterahana ireo heloka voalaza ireo.

Andininy faha-8

1-Ireo Fanjakana Mpikambana dia mandray ny fepetra ilaina mandritra ny ambaratonga rehetran'ny paika ady heloka, mba hiarovana ny zo sy ny tombontsoan'ireo ankizy iharan'ny fihetsika voararan'ity Fifanekena ity, indrindra :

amin'ny fanekena ny maha-marefo ny zaza niharam-boina sy amin'ny fandrindràna ny paika ady mitsinjo ny fiarovana manokana azy ireo, indrindra amin'ny maha-vavolombelona azy ;

amin'ny fampahafantarana ireo ankizy niharam-boina ny zony, ny andraikiny sy ny vokatry izany, ny fandaharam-potoanam-pitsarana, ny fizotry ny paika ady, ary ny didim-pitsarana nivoaka ;

d) amin'ny fanekena fa ny fomba fijeriny sy izay manahiran-tsaina ireo ankizy niharam-boina dia raisina sy dinihina mandritra ny fizotry ny paika ady rehefa ny tombontsoan'izy ireo no voatohintohina, ka izany dia ampifanarahana amin'ny voalazan'ny lalàna anatin'ny.

amin'ny fanomezana ny fanohanana rehetra ilaina ho an'ny zaza niharam-boina mandritra ny fizotry ny paika ady heloka ;

amin'ny fiarovana, raha ilaina, ny fiainana manokana sy ny fanondroana ny momba ireo zaza niharam-boina, amin'ny alalan'ny fandraisana fepetra voalazan'ny lalàna anatin'ny mba isorohana ny fanaparahana ny vaovao rehetra mety hitarika ny fahafantarana ny mombamomba azy ireo ;

amin'ny fitsinjovana, raha ilaina izany, ny fiarovana ireo ankizy niharam-boina sy ny fianakaviany ary ny vavolombelona mpandentika amin'ny fampihorohoroana na valifaty.

amin'ny fialana amin'ny fitarazoana ny famoahana ny didy sy ny fanatanterahana ireo didy manome onitra amin'ireo ankizy niharam-boina .

2-Ireo Fanjakana Mpikambana dia mitandro fa ny fisalasalana amin'ny taona marin'ny niharam-boina dia tsy ho sakana amin'ny fanokafana famotorana raha hanamarinana io taona io.

3-Ireo Fanjakana Mpikambana dia mitandro fa ny tombotsoa ambonin'ireoankizy niharam-boina hatrany no atao laharam-pahamehana amin'ny fomba itondran'ny rafi-pitsarana ady heloka azy ireo.

4-Ireo Fanjakana Mpikambana dia mandray fepetra mba hanomezana fiofanana mifandraika amin'izany, indrindra eo amin'ny sehatry ny fombafombam-pitsarana sy ny fitaizana ara-tsaina ho an'ny olona miandraikitra ireo niharam-boina noho ireo heloka voalaza amin'ity Fifanarahana ity.

5-Raha ilaina, ireo Fanjakana Mpikambana dia manao ny fomba rehetra (na ny fomba ilaina rehetra) mba iantohana ny filaminana sy ny ain'ireo olona sy/na fikambanana mpitsinjo (na mpiaro) sy/na mpiaro sy mpanitsy ny niharam-boina noho ireo heloka ireo.

6-Tsy misy na fepetra iray aza amin'ity andininy ity manohintohina ny

zon'ny voapanga hahazo fitsarana ara-drarin'ny sy tsy mitanila na mifanohitra amin'izany zo izany.

Andininy faha-9

1-Ireo Fanjakana Mpikambana dia mandany na manamafy , mampihatra sy manaparitaka ireo lalàna, fepetra ara-pitondrana, politika sy fandaharan'asa sosialy mba hisakanana ireo heloka voalaza amin'ity Fifanarahana ity. Arahi-maso manokana ny fiarovana ireo ankizy mora iharan'ireo fomba ratsy ireo.

2-Amin'ny alalan'ny fanapariaham-baovao mampiasa ny fitaovana rehetra ilaina amin'izany, ny fanabeazana sy ny fiofanana, ireo Fanjakana Mpikambana dia manentana ny olon-drehetra, anisan'izany ny ankizy, hahalala ireo fepetra mitsinjo ny fisakanana ireo fanao mamofady voalazan'ity Fifanarahana ity sy ny voka-dratsy aterany. Mba hanatanterahana ny andraikitra voalazan'ity andininy ity, ny Fanjakana Mpikambana dia mamporisika ny fandraisana anjaran'ny daholobe indrindra ireo ankizy sy ny ankizy niharam-boina amin'ny fandaharan'asa fanapariaham-baovao, fanabeazana sy fiofanana hatrany amin'ny ivon'ny sehatra iraisam-pirenena.

3-Ny Fanjakana Mpikambana dia mandray ny fepetra rehetra azony atao mba hiantohana ny fanotronana sahaza ho an'ireo niharam-boina noho ny heloka voalazan'ity Fifanarahana ity, indrindra ny famerenana azy ireo ao anivon'ny fiaraha-monina sy ny fanarenana azy ireo ara-batana sy ara-tsaina.

4-Ireo Fanjakana Mpikambana dia mitsinjo ny mba ahafahan'ireo ankizy niharam-boina mampiasa paika ady ahafahan'izy ireo, tsy ankanavaka, mitaky onitra hanarenana ny voina nanjo azy amin'ny olona tompon'andraikitra ara-pitsarana.

5-Ireo Fanjakana Mpikambana dia mandray ny fepetra ilaina sy mahomby hisakanana ny famokarana sy ny fanapariahana ireo fitaovana manao dokambarotra ireo fomba sy fanao voararan'ity Fifanarahana ity.

Andininy faha-10

1-Ireo Fanjakana Mpikambana dia mandray ireo fepetra ilaina mba hanamafisana ny fiaraha-miasa iraisam-pirenena amin'ny alalan'ny Fifandraisana misandrahaka, isam-paritra sy amin'ny fanjakana roa izay mitily, manondro, manenjika ary manasazy ireo tompon'andraikitra amin'ny hetsika mifandraika amin'ny fivarotana ankizy, ny fivarotantenan'ny ankizy, amin'ny sary sy ny fizahan-tany mamofady, ary koa ny fanadihadiana momba izany. Ny Fanjakana Mpikambana dia manome vahana ihany koa ny fiaraha-miasa sy ny fandrindrana asa iraisam-pirenena amin'ny manam-pahefana sy ireo fikambanana tsy miankina anatin'ny sy iraisam-pirenena ary ireo fikambanana iraisaim-pirenena.

2- Ireo Fanjakana Mpikambana dia mamporisika ny fiaraha-miasa iraisam-pirenena mba hanampiana ny fanarenana ara-batana sy ara-tsaina ireo ankizy niharam-boina, ny famerenana azy ireo ao anatin'ny fiaraha-monina sy ny fampodiana azy any an-tanindrazany.

3-Ny Fanjakana Mpikambana dia manamafy ny fiaraha-miasa iraisam-pirenena mba hamongorana ny antony, indrindra ny fahantrana sy ny tsy fandrosoana, mahatonga ny ankizy mora iharan'ny varotra, ny fivarotan-tena, ny fanaovana sary mamofady sy ny fizahan-tany mamofady.

4-Ireo Fanjakana Mpikambana afaka manao izany, dia manome fanampiana ara-bola, ara- teknika na amin'ny endriny hafa ao anatin'ny fandaharan'asa efa misy, misandrahaka, isam-paritra amin'ny firenena roa na amin'izay fisehony hafa.

Andininy faha-11

Tsy misy na iray aza amin'ny fepetra amin'ity Fifanarahana ity manohintohina ireo fepetra mitsimbina kokoa ny zon'ny ankizy ka efa voasoritra :
amin'ny lalàn'ilay Fanjakana Mpikambana
amin'ny lalàna iraisam-pirenena manan-kery ho an'io Firenena io.

Andininy faha-12

Ny Fanjakana Mpikambana dia mandefa ao anatin'ny roa taona taorian'ny nampanan-kery an'ity Fifanekena ity aminy, tatitra any amin'ny Komity misahana ny zon'ankizy, tatitra misy ireo fanadihadiana amin'ny antsipirihany ny amin'ireo fepetra noraisina mba hampanan-kery ireo andininy ao amin'ny fifanekena.

Aorian'ny fanolorana ny tatitra antsipirihany, ny Fanjakana Mpikambana dia mampiditra ao anatin'ny tattira ataony amin'ny Komitin'ny zon'ny ankizy araka ny andininy faha-44 amin'ny Fifanekena, izay zava-baovao rehetra mikasika ny fampiharana ity Fifanarahana ity. Ny Fanjakana Mpikambana hafa dia manao tatitra isaky ny dimy taona.

Ny Komitin' ny zon'ny ankizy dia mahazo mangataka amin'ireo Fanjakana Mpikambana fanampim-baovao mikasika ny fampiharana ity Fifanarahana ity

Andininy faha-13

Ity Fifanarahana ity dia misokatra hatao sonian'ny Firenena rehetra mpikambana ao amin'ny Fifanekena na efa nanao sonia izany.

Ity Fifanarahana ity dia atolotra ankatoavana sy misokatra amin'ny fanjakana rehetra te hirotsaka ho mpikambana. Ny lalàna manambara fankatoavana na filatsahana dia apetraka amin'ny Sekretera Jeneralin'ny Firenena Mikambana.

Andininy faha-14

Hanan-kery ity Fifanarahana ity telo volana aorian'ny vaninandro nametrahana na ny lalam-pankatoavana na ny filatsahana faha-10.

2- Ho an'ny Fanjakana tsirairay izay hankato ity Fifanarahana ity na koa hilatsaka ho mpikambana taorian'ny nampanan-kery azy dia hanakery aminy ity Fifanarahana ity iray volana aoriana ny nametrahana ny Lalàm-pankatoavana na Filatsahana.

Andininy faha-15

Ny Fanjakana mpikambana dia afaka miala amin'ny fotoana rehetra amin'ity Fifanarahana ity amin'ny alalan'ny fampahafantarana an-tsoratra alefa amin'ny Sekretera Jeneralin'ny Firenena Mikambana izay mampahafantatra izany amin'ny Fanjakana mpikambana hafa sy ireo fanjakana rehetra nanao sonia ny Fifanekena. Ny fialàna dia manankery herintaona aorian'ny vaninandro nandraisan'ny Sekretera Jeneralaly ny fampahafantarana.

Ny fialàna dia tsy manala ny Fanjakana mpikambana amin'ny andraikiny araka ity Fifanarahana ity manoloana ireo heloka nitranga talohan'ny nampanan-kery ny fialàna, tsy misakana ihany koa na manao ahoana na manao ahoana ny fanohizana ny fandinihana ny olana rehetra izay nentina teo amin'ny komity talohan'ny vaninandro nampanankery ny fialàny.

Andininy faha-16

Ny Fanjakana mpikambana rehetra dia afaka manolotra fanovàna ary mametraka ny rijan-teny amin'izany ao amin'ny Sekretera Jeneralin'ny Firenena Mikambana. Io farany io dia mampita ny volvolam-panovàna ho fantatr'ireo Fanjakana mpikambana ary mangataka amin'izy ireo mba hampahafantatra ny fanekeny hanaovana fivoriana iantsoana ireo Fanjakana mpikambana mba handinihana ilay volavolam-panovàna sy nanaovana latsa-bato. Raha ao anatin'ny efa-bolana manaraka ny vaninandro fampahafantarana ny iray ampahatelon'ny Fanjakana mpikambana fara-fahakeliny no milaza fa manaiky ny hanaovana fivoriana, ny Sekretera Jeneralin'ny Firenena Mikambana dia miantso ny fivoriana eo ambany fiarovan'ny Firenena mikambana. Ny fanovàna rehetra lanin'ny Fanjakana mpikambana maro an'isa nanatrika sy nifidy tao amin'ny fivoriana dia atolotra ankatoavin'ny fivoriambe.

Izay fanovàna lany araka ny voalazan'ny paragrafy voalohany amin'ity andininy ity dia manan-kery rehefa nankatoavin'ny fivoriamben'ny Firenena Mikambana ary neken'ny roa ampahatelon'ny Fanjakana mpikambana.

Rehefa manankery ny fanovàna, dia manery ireo Fanjakana mpikambana nanaiky azy, ny Fanjakana mpikambana hafa dia mijanona voafehin'ity Fifanarahana ity

sy ireo fanovàna tany aloha efa nekeny.

Andininy faha-17

Ity Fifanarahana ity izay voasoratra amin'ny teny anglisy, arabo, sinoa, espaniola, frantsay sy rosiana dia manankery mitovy ary apetraka ao amin'ny fitehirizan-tsoratra ny Firenena Mikambana.

Ny Sekretera Jeneralin'ny Firenena Mikambana dia mandefa dika voamarina fa mitovy ity Fifanarahana ity any amin'ireo Fanjakana mpikambana rehetra ao amin'ny Fifanekena sy ireo Fanjakana rehetra nanao sonia izany Fifanekena izany.

**FIFANARAHANA MALALAKA MOMBA NY FIFANEKENA
MIKASIKA NY ZON'NY ANKIZY AMPIDIRINA AO ANATIN'NY
FIFANOLANANA MITAM-PIADIANA**

Lany tany New York tamin'ny 25 may 2000,

Nanan-kery ny 12 febroary 2002,

Nosoniavin'ny Madagasikara ny 7 septambra 2000

Ireo Fanjakana Mpikambana amin'ity fifanarahana ity

Nahazo famporisihina avy amin'ny fanohanana marobe voarain'ny Fifanekena mikasika ny zon'ny ankizy, izay maneho fahavononan'ny rehetra hiasa mba hampiroborobo sy hiaro ny zon'ny ankizy,

Manamafy fa ny zon'ny ankizy dia tokony harovana manokana ary manao antso avo hanatsaràna hatrany ny toerana misy ny ankizy tsy ankanavaka, mba hahazoany fanabeazana sy fivelarana ao anatin'ny fandriam-pahalemana sy filaminana,

Tohina noho ny fahavoazana ateraky ny fifanolanana mitam-piadiana amin'ny ankizy sy ny akon'izany maharitra eo amin'ny fitandroana ny fandriam-pahalemana, filaminana ary ny fampandrosoana maharitra,

Manameloka ny fampidirana ankizy amin'ny toerana misy fifanolanana mitam-piadiana ary ny fanafihana mivantana ireo toerana arovan'ny lalàna iraisam-pirenena, indrindra ireo toerana misy ankizy maro, toa ny Sekoly sy Hopitaly,

Mandray ny fandaniana ny Sata mikasika ny Fitsarana ady heloka iraisam-pirenena, izay nampiditra ho isan'ny heloka bevava momba ny ady ny fifanolanana mitam-piadiana, iraisam-pirenena na tsia, handraisana ankizy latsaky ny 15 taona ao amin'ny Tafi-pirenena na mampiasa azy ireo ao amin'ny fifanolalana mitam-piadiana,

Satria noho izany, mba hitandrovana hatrany ny zo voalazan'ny Fifanekena momba ny zon'ny ankizy, dia ilaina ny manamafy ny fiarovana ny ankizy mba tsy hahatafidiran'izy ireo ao anatin'ny fifanolanana mitam-piadiana,

Marihina fa araky ny andininy voalohany amin'ny Fifanekena, ny antsoina hoe ankizy dia ireo latsaky ny 18 taona, raha tsy ohatra ka manondro fe-taona latsak'io ny lanàna manan-kery,

Resy lahatra fa ny fandaniana Fifanarahana malalaka mifandraika amin'ny Fifanekena izay hampiakatra ny fe-taona farafahakeliny handraisana ho ao anatin'ny Tafika na koa handraisana anjara amin'ny ady, dia hanampy marina amin'ny fampiharana ny foto-kevitra miompana amin'ny fitandrovana ny tombontsoa ambonin'ny ankizy izay tokony horaisina hatrany amin'ny fanapahan-kevitra rehetra mikasika azy,

Mamamarika fa ny Fivoriam-be Iraisam-pirenena faha-26 izay nataon'ny Vokovoko Mena sy ny “Croissant Rouge” tamin'ny volana Desambra 1995 dia namporisika, indrindra, an'ireo voakasiky ny ady mba handray izay fepetra rehetra azo hatao hialàna amin'ny fampanraisana anjara ny ankizy latsaky ny 18 taona amin'ny ady,

Faly tamin'ny fandanian'ny rehetra, tamin'ny volana jiona 1999, ny Fifanekena laharana faha-182 (1999) nataon'ny Fikambanana Iraisam-pirenena momba ny Asa mikasika ny fandràna ny asan'ny ankizy amin'ny endrika faran'izay ratsy indrindra, sy ny hetsika avy hatrany hamongorana tanteraka izany, izay mandrara ihany koa ny fandraisana antery na tsy azo ialàna an'ireo ankizy ka hampiasàna azy ireo handray anjara amin'ny fifanolanana mitam-piadiana,

Manameloka ary manahy fatratra ny fandraisana, ny fanazaran-tena ary ny fampiasana ao anatin'ny sisin-tanim-pirenena ireo ankizy amin'ny ady ataon'ny vondron'olona mitam-piadiana ivelan'ny Tafi-panjakana iray, ary mitana ny andraikitr'ireo olona mampiditra, manofana ary mampiasa ankizy amin'izany,

Mampahatsiahy ireo Firenena voakasiky ny ady ny tsy maintsy hanajàny ireo fepetra voalazan'ny Lalàna Iraisam-pirenena momba ny Zon'olombelona,

Manindry fa ity Fifanarahana ity dia tsy manohintohina ny tanjona sy ny foto-kevitra voarakitra ao amin'ny Satan'ny Firenena Mikambana, indrindra izay voatondro ao amin'ny andininy faha-51 sy ny lalàna mikasika ny fanajàna ny Zon'olombelona,

Satria ny fepetra ilain'ny fandriam-pahalemana sy ny filaminana miainga amin'ny fanajana tanteraka ny tanjona sy ny foto-kevitra ijoroan'ny Firenena Mikambana sy ny lalàna manan-kery mifehy ny Zon'olombelona dia tena ilaina amin'ny fiarovana feno ny ankizy, indrindra mandritra ny fifanolanana mitam-piadiana amin'ny fotoana maha-eo am-pelatanan'ny Vahiny ny fitondrana ny tany,

Satria mahatsapa ny filàna fiarovana manokana ho an'ny ankizy noho ny toerana sarotra misy azy, ara-piaraha-monina sy toe-karena tsy hanavahana na lahy na vavy eo anoloan'ny fandraisana na fampiasàna azy ireo amin'ny ady mandika ity Fifanarahana Iraisam-pirenena ity,

Mahatsapa ihany koa fa ilaina ny mihevitra lalina ny tena antony ara-toekarena, ara-piaraha-monina sy ara-politika mahatonga ny fampandraisana anjara ny ankizy amin'ny fifanolanana mitam-piadiana,

Resy lahatra ny amin'ny filàna ny hanamafisana ny fiaraha-miasa iraisam-pirenena mba hiantohana ny famerenana ara-batana sy ara-tsaina ao anatin'ny fiaraha-monina ireo ankizy niharam-boina noho ny fifandonana mitam-piadiana,

Mamporisika ny fandraisan'anjara ny rehetra ary indrindra ny ankizy sy ireo ankizy niharam-boina amin'ny fanapariahan'baovao sy ny fandaharam-panabeazana mikasika ny fampiharana ity Fifanarahana ity,

Dia nifanaraka fa :

Andininy voalohany

Ny Fanjakana Mpikambana dia mandray ny fepetra rehetra azo atao mba tsy handraisan'ny ankizy ao anatin'ny tafiny izay tsy feno 18 taona, anjara mivantana amin'ny fifandonana mitam-piadiana.

Andininy faha-2

Ny Fanjakana Mpikambana dia miantoka ny tsy hisian'ny fampidirana tsy azo ialàna ankizy tsy feno 18 taona ao anatin'ny Tafiny.

Andininy faha-3

Ny Fanjakana Mpikambana dia mampiakatra ny taona farany ambany amin'ny filatsahana an-tsitra-po ao amin'ny tafiky ny Fireneny araka izay voalazan'ny paragrafy fahatelo ao amin'ny andininy faha-38 ny Fifanekena mikasika ny Zon'ny ankizy, sy ny foto-kevitra voasoratra ao amin'io andininy io ary miaiky fa araka ny Fifanekena, ny olona latsaky ny 18 taona dia manan-jo ahazo fiarovana manokana.

Ny Fanjakana Mpikambana tsirairay amin'ny fotoana hankatoavany na hirotsahany amin'ity Fifanarahana ity dia manao fanambaràna manery manondro ny taona farany ambany anomezany alalana hirotsaka an-tsitra-po ao amin'ny Tafi-pireneny ary milaza ny antoka tsy hisian'ny faneriterena.

Ny Fanjakana Mpikambana izay manome alalana ny firotsahana an-tsitra-po ao amin'ny Tafiny mialohan'ny faha-18 taona dia miantoka farafahakeliny fa :

an-tsitra-po tokoa io firotsahana io ;

ary nisy fankatoavana am-pahalalàna avy amin'ny Ray amandreny na ny Mpiahy

ara-dalàna ny mpirotsaka ;

Ireo olona nirotsaka dia mahalala tsara ny adidy ateraky ny fanompoam-pirenena ;

Ireo nirotsaka dia manome porofo azo ianteherana mikasika ny taonany alohan'ny hanekena azy ho ao amin'ny Tafika.

Ny Fanjakana Mpikambana, amin'ny fotoana rehetra dia afaka manamafy ny fanambaràny amin'ny alalan'ny fampahafantarana alefa amin'ny Sekretera Jeneraly ny Firenena Mikambana, ka izy indray no mampahafantatra ny Fanjakana Mpikambana hafa. Io fampahafantarana io dia manan-kery amin'ny vaninandro izay nandraisan'ny Sekretera Jeneraly izany.

Ny tsy maintsy hampakarana ny taona farany ambany amin'ny firotsahana antsitra-po izay voalaza ao amin'ny paragrafy voalohany amin'ity andininy ity dia tsy ampiharina amin'ireo toeram-pampianarana iadidian'ny Fanjakana na eo ambany fanaraha-mason'ny Tafiky ny Fanjakana Mpikambana araka izay voalazan'ny andininy faha-28 sy 29 ao amin'ny Fifanekena momba ny Zon'ny ankizy.

Andininy faha-4

Ireo vondron'olona mitam-piadiana ankoatry ny Tafi-panjakana dia tsy mahazo mandray na mampiasa ankizy latsaky ny 18 taona amin'ny ady.

Ireo Fanjakana Mpikambana dia mandray ireo fepetra ara-dalàna mba hisakanana ny fandraisana sy fampiasàna ireo ankizy ireo, indrindra ireo fepetra voalazan'ny lalàna mba handraràna sy hanasaziana ireo fomba ireo.

Ny fampiharana ity andinin'ity Fifanarahana ity dia tsy misy fiantraikany eo amin'ny Satan'ny Mpandray anjara amin'ny fifanolanana mitam-piadiana.

Andininy faha-5

Tsy misy andininy amin'ity Fifanarahana ity azo adika ho misakana ny fampiharana ireo andinin-dalànan'ny Fanjakana Mpikambana, ny lalàna iraisam-pirenena momba ny zon'olombelona mifanaraka indrindra amin'ny fampiharana ny Zon'ny ankizy.

Andininy faha-6

Ny Fanjakana Mpikambana tsirairay dia mandray ny fepetra rehetra - ara-dalàna sy ara-panjakana ary ny hafa mikendry ny mba hahatomombana ny fampiharana sy ny fanajàna marina an'ity Fifanarahana ity araka ny voafaritry ny seha-pahefàna.

Ny Fanjakana Mpikambana dia manaiky ny hanaparitaka ireo foto-kevitra sy ny andinindinin'ity Fifanarahana ity amin'ny alalan'ny fitaovana mifanaraka amin'izany ho fantatry ny olon-dehibe sy ny ankizy.

Ireo Fanjakana Mpikambana dia mandray ireo fepetra azo atao mba hiantohana fa ireo olona eo ambany fifehezany izay noraisina na nampiasaina amin'ny ady ka tsy manaja ity Fifanarahana ity dia esorina na afahana amin'ny fomba hafa

amin'ny andraikiny ara-miaramila. Ary raha ilaina, ny Fanjakana Mpikambana dia manampy ara-batana sy ara-tsaina ary manamora ny fiverenan'izy ireo ao anatin'ny Fiaraha-monina.

Andininy faha-7

Ireo Fanjakana Mpikambana dia miara-miasa ho fampiharana ity Fifanarahana ity sy ho fisorohana ireo hetsika mifanohitra aminy sy hamerenana ao anatin'ny Fiaraha-monina sy ny olona izay niharan'izany asa izany, ka tafiditra ao ny fiaraha-miasa ara-teknika sy fanampiana ara-bola. Io fanampiana sy fiaraha-miasa io dia hatao miaraka amin'ireo Fanjakana Mpikambana voakasika sy ny Fikambanana Iraisam-pirenena mahefa.

Ireo Fanjakana Mpikambana izay afaka manampy dia manao izany amin'ny alalan'ny fandaharan'asa ifaneken'ny Firenena roa na maro na fandaharan'asa hafa efa nisy na koa raha ilaina amin'ny alalan'ny tahiry omena an-tsitra-po manaraka ny fitsipika nataon'ny Fivoriam-be.

Andininy faha-8

Ny Fanjakana Mpikambana tsirairay, roa taona aorian'ny mampanan-kery ity Fifanarahana ity dia manolotra tatitra amin'ny Komitin'ny Zon'ny ankizy izay mirakitra filazalazàna amin'ny antsipirihiny ny fepetra izay noraisina mba hampisy vokany ny andinindininy ao amin'ity Fifanarahana ity, indrindra mikasika ny fandraisana anjara sy ny filatsahana.

Aorian'ny fanolorana ny tatitra an-tsipirihiny, ny Fanjakana Mpikambana tsirairay dia mampiditra ao anatin'ny tatitra atolony ny Komitin'ny Zon'ny ankizy araka ny andininy faha-44-ny Fifanekena izay fanampim-baovao rehetra mikasika ny fampiharana an'ity Fifanarahana ity. Ireo Fanjakana Mpikambana hafa amin'ny Fifanarahana dia manolotra tatitra isaky ny 5 taona.

Ny Komitin'ny Zon'ny ankizy dia afaka mangataka fanampim-baovao amin'ny Fanjakana Mpikambana momba ny fampiharana an'ity Fifanarahana ity.

Andininy faha-9

Ity Fifanarahana ity dia misokatra hosoniavin'ny Fanjakana Mpikambana ao amin'ny Fifanekena na efa nanao sonia izany.

Ity Fifanarahana ity dia atolotra ankatoavina sy misokatra amin'ny Fanjakana rehetra te-hilatsaka ho Mpikambana. Ny lalàna manambara fankatoavana na filatsahana dia apetraka amin'ny Sekretera Jeneralin'ny Firenena Mikambana.

Ny Sekretera Jeneraly amin'ny maha-mpitahiry azy ny Fifanekena sy ny Fifanarahana dia mamandre ny Fanjakana Mpikambana sy ireo Fanjakana rehetra nanao sonia ny Fifanekena ny fametrahana fanambaràna araka ny andininy faha-13.

Andininy faha-10

Hanan-kery ity Fifanarahana ity telo volana aorian'ny vaninandro nametrahana

na ny lalam-pankatoavana na ny filatsahana faha-10.

Ho an'ny Fanjakana tsirairay izay hankato ity Fifanarahana ity na koa hilatsaka ho Mpikambana tao aorian'ny naha-panankery azy dia hanan-kery aminy ity Fifanarahana ity iray volana aorian'ny nametrahany ny lalam-pankatoavana na ny filatsahana.

Andininy faha-11

Ny Fanjakana Mpikambana dia afaka miala amin'ny fotoana rehetra amin'ity Fifanarahana ity amin'ny alalan'ny fampahafantarana an-tsoratra alefa ao amin'ny Sekretera Jeneralin'ny Firenena Mikambana izay mampahafanatatra izany amin'ny Fanjakana Mpikambana hafa sy ny Fanjakana nanao sonia ny Fifanekena. Ny fialàna dia manan-kery herin-taona aorian'ny vaninandro izay nandraisan'ny Sekretera Jeneralny ny fampahafantarana. Na izany aza, raha amin'ny fahataperan'ny fe-potoana herin-taona ka tafiditra ao anatin'ny Fifanolanana mitam-piadiana ny Fanjakana Mpikambana dia tsy manan-kery ny fialàny raha tsy vita io fifanolanana io.

Io fialàna io dia tsy manala ny Fanjakana Mpikambana amin'ny andraikiny araka ity Fifanarahana ity amin'ireo asa vita talohan'ny vaninandro izay nampanankery ny fialàny, tahaka izany koa, tsy manakana ny fanohizana ny fandinihana ny olana rehetra izay nentina teo amin'ny Komity talohan'ny vaninandro nampanankery ny fialàny.

Andininy faha-12

Ny Fanjakana Mpikambana rehetra dia afaka manolotra fanovàna ary mametraka ny rijan-teny amin'izany ao amin'ny Sekretera Jeneralin'ny Firenena Mikambana. Io farany io dia mampita ny volavolam-panovàna ho fantatr'ireo Fanjakana Mpikambana, ary mangataka amin'izy ireo mba hampahafantatra ny fanekeny hanaovana fivoriana hiantsoana ireo Fanjakana Mpikambana mba handinihana ilay volavolam-panovàna sy ny hanaovana latsa-bato. Raha ao anatin'ny efa-bolana manaraka ny vaninandro fampahafantarana, ny iray ampahatelon'ny Fanjakana Mpikambana farafahakeliny milaza fa manaiky ny hanaovana fivoriana, ny Sekretera Jeneralin'ny Firenena Mikambana dia miantso ny fivoriana eo ambany fiahiany. Ny fanovàna rehetra lanin'ny Fanjakana Mpikambana maro an'isa nanatrika sy nifidy teo amin'ny fivoriana dia atolotra hankatoavin'ny Fivoriam-be.

Izay fanovàna lany araka ny voalazan'ny paragrafy voalohany amin'ity andininy ity dia manan-kery raha vao ankatoavin'ny Fivoriam-ben'ny Firenena Mikambana ary eken'ny roa am-pahatelon'ny Fanjakana Mpikambana.

Rehefa manan-kery ny fanovàna, dia manery ireo Fanjakana Mpikambana izay mamatotra ireo Fanjakana Mpikambana nanaiky, ny Fanjakana Mpikambana hafa dia mijanona voafehin'ny Fifanarahana sy ireo fanitsiana tany aloha efa nekeny.

Andininy faha-13

Ity Fifanarahana ity izay voasoratra amin'ny teny anglisy, arabo, sinoa, espanioly, frantsay ary rosiana dia manan-kery, ary apetraka amin'ny fitehirizantsoratra ny Firenena Mikambana.

Ny Sekretera Jeneralin'ny Firenena Mikambana dia mandefa dika mitovy voamarina an'ity Fifanarahana ity amin'ireo Fanjakana Mpikambana ao amin'ny Fifanekena sy ireo Fanjakana rehetra nanao sonia izany Fifanekena izany.

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana

ASSEMBLEE NATIONALE

Le Président

à

Monsieur le Président du Sénat
ANTANANARIVO

N° _____ - AN/Q2/SG/DL.4

Antananarivo, le

Monsieur le Président,

En application des dispositions de l'article 86 de la Constitution, j'ai l'honneur de vous transmettre, aux fins d'examen, un exemplaire de :

- la Loi n° 2003 - 046 autorisant la ratification du Protocole facultatif à la Convention relative aux Droits de l'enfant, concernant la vente d'enfants, la prostitution des enfants et la pornographie mettant en scène des enfants,

que l'Assemblée nationale a adoptée en sa séance plénière du 17 décembre 2003 en application des dispositions de l'article 52, alinéa 1 de son Règlement Intérieur.

Veillez agréer, Monsieur le Président, l'assurance de ma haute considération.

LAHINIRIKO Jean

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana

ASSEMBLEE NATIONALE

Le SECRETAIRE GENERAL

à

MONSIEUR LE SECRETAIRE GENERAL DU SENAT

-ANTANANARIVO-

N° _____-AN/Q2/SG/DL.4

Antananarivo, le

BORDEREAU D'ENVOI

DESIGNATION DES PIECES	NOMBRE	OBSERVATIONS
Loi n° 2003 - 046 autorisant la ratification du Protocole facultatif à la Convention relative aux Droits de l'enfant, concernant la vente d'enfants, la prostitution des enfants et la pornographie mettant en scène des enfants.....	100 ex	« Aux fins d'examen »

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Tanindrazana-Fahafahana-Fandrosoana

ANTANIMIERAMPIRENENA

LALANA LAHARANA FAHA-2003 - 046
ankatoavana ny fifanarahana malalaka avy amin'ny
fifanekena mikasika ny Zon'ny ankizy amin'ny
fivarotan'ankizy, ny fivarotan-tenan'ny ankizy ary ny sary
mamoafady mampiseho ankizy.

FAMELABELARANA NY ANTONANTONY

Ny fankatoavana fifanekena mikasika ny Zon'ny ankizy dia mamatotra an'i Madagasikara hiroso amin'ny ady atao amin'ny famindran-toerana sy ny tsy fampodiana atao antsokosoko ny ankizy sy ny ady atao amin'ny fampiasana azy ireo ho fitaovana ara-barotra sy ara-pilàn'ny nofo.

Ity Fifanarahana malalaka ity izay lany tany New York tamin'ny 25 may 2000 ary nosoniavin'i Madagasikara ny 07 septambra 2000 dia natao mba hanitarana ny ambaindainty sy ny hanazavàna bebe kokoa ny fepetra izay noraisin'ireo Fanjakana Mpikambana amin'ny fifanekena ho fiarovana ny zon'ny ankizy amin'ny fivarotan'ankizy sy fivarotana ny tenany ary ny sary mamoafady mampiseho ankizy, eo anatrehan'ny fihanaka mampitaintaina ny famarinan'ankizy ho amin'ny filàn'ny nofo.

Ity Fifanarahana ity dia ahitana andininy 17.

Ny andininy voalohany dia milaza ireo fepetra amin'ny tsy fahazoana mivarotra ankizy, ny fivarotana ny tenany sy ny fanaovana sary mamoafady mampiseho ankizy.

Ny andininy faharoa dia mamaritra ny momba io fifanarahana io.

Ny andininy fahatelo dia manazava ireo zava-misy ary manainga ireo Fanjakana mba hanameloka izany.

Ny andininy fahaefatra dia manambara ireo fepetra tokony horaisin'ny Fanjakana mba hametrahana ny fahefany satria ny heloka dia mety ho anatin'ny miampita amin'ny faripirenena hafa.

Ny andininy fahadimy dia manainga ny Fanjakana mba hampiditra ireo andinindininy ao anatin'ny fifanarahana amin'ny famerenana hody ireo nanao

heloka.

Ny andininy fahaenina dia manainga ireo Fanjakana mba hanao fifanarahana matotra eo amin'ny fifanampiana azo atao amin'ny fanadihadiana, ny paika ady heloka na paika ady fampodiana ireo nanao heloka mikasika ireo voalaza ireo.

Ny andininy fahafito mikasika ny fepetra fandraisana sy fitazonana.

Ny andininy fahavalo dia manainga ireo Fanjakana handray ny fepetra ilaina mba hiarovana ny zo sy ny tombontsoan'ireo ankizy iharam-boina amin'ny alalan'ny paika ady heloka.

Ny andininy fahasivy dia manainga ireo Fanjakana mba handany sy hanamafy ary hampihatra ireo lalàna sy ireo fanapahan-kevitra sy fandaharana asa ara-tsosialy mba hanakanana ireo heloka voalaza ao amin'ity fifanarahana ity amin'ny alalan'ny fampahalalam-baovao sy ny fanetsiketsehana ny olon-drehetra sy hitondra ny fanampiana ilaina amin'ireo niharam-boina noho ireo heloka ireo.

Misy fandinihana manokana hatao mba ho fiarovana ny zon'ny ankizy izay tena isehoan'ireo toe-javatra ireo.

Ny andininy fahafolo dia mamporisika ireo Fanjakana mba hanome vahana sy hanamafy ny fifanarahana iraisam-pirenena amin'ny alalan'ny fifanekena izay tokony hiarovana, hahalalàna sy hanenjehana ary hanasaziana ireo tompon'andraikitra manao ireo heloka ireo.

Ny andininy faha iraikambinifolo hatramin'ny fahafito ambinifolo dia ireo andinindininy mahazatra eo amin'ny sehatry ny fifanekena iraisam-pirenena.

Ny fankatoavana an'ity fifanarahana ity dia zava-dehibe ho an'ny Fanjakana Malagasy satria manampy amin'ny famenoana ny lalàna mba hiarovana bebe kokoa ireo ankizy amin'ny fihanaky ny fitombon'ny fizahan-tany mamofady sy ny famarinan'ankizy amin'ny sehatra iraisam-pirenena.

Izany ny antonantony hanomezan-dàlana ny fankatoavana ity fifanarahana ity.

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Tanindrazana-Fahafahana-Fandrosoana

ANTENIMIERAMPIRENENA

LALANA LAHARANA FAHA-2003 - 046
ankankatoavana ny fifanarahana malalaka momba
ny fifanekena mikasika ny zon'ny ankizy amin'ny
fivarotan'ankizy, ny fivarotan-tenan'ny ankizy ary ny sary
mamoafady mampiseho ankizy.

Nolanian'ny Antenimierampirenena tamin'ny fivoriany ny faha-17 desambra 2003, izao Lalàna manaraka izao :

Andininy tokana : Omena alalana ny fankatoavana ny fifanarahana malalaka avy amin'ny fifanekena mikasika ny zon'ny ankizy momba ny fivarotan'ankizy, ny fivarotana ny tenany, ary ny sary mamoafady mampiseho ankizy, tamin'ny 29 may 2000

Antananarivo, faha-17 desambra 2003

NY FILOHAN'NY ANTENIMIERAMPIRENENA,

NY SEKRETERA,

LAHINIRIKO Jean

